

# Vonjy Taitra

**10**

## FAHADIOVANA SY FIAROVANA FOTOTRA

Raha toa ka maratra ny olona iray dia ny zava-dehibe indrindra dia manampy azy. Saingy tsy maintsy miaro ny tenanao amin'ny VIH na aretina azo avy amin'ny rà ihany koa ianao. Raha mandeha rà ny olona iray dia:

1. Raha azo atao dia asehoy ilay olona maratra ny fomba hanajanonana ny rà amin'ny alalan'ny fanindriana ilay ratra.
2. Raha tsy afaka manao izany izy dia ianao ihany no manajanona ilay rà fa manaova gan-tànana na fonosy harona plastika ny tànana ary asio lamba madio sy matevina eo ambonin'ilay ratra, ary tsindrio avy eo.

Hialao ny zavatra voan'ny rà. Tandremo tsy voatsindron'ny fanjaitra na zava-maranitra hafa manodidina ilay olona ampianao ianao. Fonosy amin'ny lamba maina sy madio ilay tataka na ratra hafa mba hiarovana azy.




Tandremo tsara, indrindra raha tsy maintsy mamonjy olona maro trà-doza na niady amin'ny toerana iray ianao.

Raha sendra voan'ny rà na rano hafa avy amin'ny vatana ianao dia sasao amin'ny rano sy savony faran'izay haingana ny tànanao. Raha faritra hafa amin'ny vatanao kosa no voakasik'ilay rano avy amin'ny vatan'ilay olona (indrindra fa ny masonao), dia sasao tsara amin'ny rano be izany.

## FANAVIANA

Raha toa ka mamay be loatra ny vatan'ny olona Dia manavy izy. Tsy aretina ny fanaviana fa famantarana aretina maro. **Ny hafanana ambony be (mihoatra ny 39°C na mihoatra ny 102°F) dia mety ho famantarana olana lehibe, indrindra eo amin'ny zaza madinika.**

## ENY



Raha toa ka manavy ny olona iray dia:

1. Dia aza tafiana lamba tanteraka. Ny zaza madinika dia tokony aboridana tanteraka ary avela miboridana mandrapidin'ny hafanana.


Manampy ny hafanana hidina izao.

**Aza** aza fonosina ao anaty lamba na bodoftosy **mihitsy** ny zaza. **Ny famonosasa ny zaza manavy dia mampidi-doza.**

Ny rivotra mangatsitsiaka na tsio-drivotra dia tsy mampaninona ny olona manavy, ny tsio- drivotra dia manampy amin'ny fampidinana ny hafanana.

2. Mihinana aspirinina ihany koa mba hampidinana ny hafanana (jereo p. 378). Raha ho an'ny ankizy dia mety kokoa ny manome acetaminophen (paracetamol, p. 380). Tandremo nefá ny manome azy be loatra.

## TSIA



Mampiakatra ny hafanana izao.


3. Ny olona rehetra manavy dia mila **misotro rano betsaka**, ranom-boakazo, na rano hafa. Ho an'ireo zaza madinika, indrindra ny zazakely, ny rano sotroina dia tokony ampangotrahina (ary ampangatsiahina). Jereo hatrany raha mivalan-drano ara-dalàna ilay zaza. Raha tsy dia mivalan-drano izy, na maity ny fivalanan-dranony dia ampitomboy ny rano omena azy.
4. Raha azo atao dia zahao ary tsaboy ny anton'ny fanaviana.

### Hafanana Ambony Be

Ny hafanana ambony be dia mety ho famantarana aretim-be. Ampidino faran'izay haingana azonao atao ny hafanana ary tsaboy ny anton'ny fanaviana, raha azo atao. Ny hafanana ambony be dia mety hiteraka fanintonia ary mampidi-doza indrindra ho an'ny ankizy madinika.

**Raha miakatra ambony be ny hafanana (mihoatra ny 40°), tsy maintsy ampidinina eo no ho eo izany:**

1. Ataovy amin'ny toerana mangatsiaka ilay olona.
2. Esory avokoa ny akanjony.
3. Kopakopaho izy.
4. Raraho rano eo amboniny na asio lamba nolemana tamin'ny rano mangatsiaka eo amin'ny tratrany sy ny andriny. Kopakopaho ilay lamba ary soloy matetika izany mba hihazonana azy ho mangatsiaka. Tohizo izany mandrapihidin'ny hafanana (ambanin'ny 38°).



5. Omeo rano mangatsiatsiaka (tsy mangatsiaka) betsaka izy ho sotroiny.
6. Omeo fanafody izy hampidina ny hafanany. Ny aspirinina na acetaminophen dia mandaitra tsara, **saingy ho an'ny ankizy latsaky ny 12 taona dia tsara kokoa ny mampiasa acetaminophen.**

*Fatra ho an'ny acetaminophen (mampiasa vongam-panafody 300 mg. ho an'ny olon-dehibe):*

Olona mihoatra ny 12 taona: vongam-panafody 2 isaky ny adin'ny 4

Ankizy 6 hatramin'ny 12 taona: vongam-panafody 1 isaky ny adin'ny 4

Ankizy 3 hatramin'ny 6 taona: vongam-panafody 1/2 isaky ny adin'ny 4

Ankizy latsaky ny 3 taona: vongam-panafody 1/4 isaky ny adin'ny 4

Raha toa ka tsy afaka mitelina vongam-panafody ilay olona manavy dia totoy izany ary afangaroy amin'ny rano ilay vovom-panafody, avy eo dia alefaso any amin'ny lava-bodiny toy ny *fanadiovana ny ao anaty* na amin'ny alalan'ny fitaovam-panindronana tsy misy fanjaitra.

**Raha toa ka tsy midina haingana ny hafanana, raha tsy mahatsiaro tena ilay olona, na manomboka ny fanintonia dia tohizo hatrany ny fampidinana ny hafanana amin'ny rano ary mitadiava dokotera eo no ho eo.**

## DONA

Ny dona dia tranga mihantra aman'aina izay mety avy amin'ny fahamaizana lehibe, fahaverezan-drà be, aretim-be mahery vaika, tsy fahampian-drano, na tsy fahazakána zavatra mampidi-doza. Ny fandehanan-drà be ao anaty vatana—na dia tsy hita aza—dia mety miteraka ny dona.


*Famantarana ny DONA:*

- fidoboky ny fo malefaka sady haigana be (mihoatra ny 100 isa-minitra ho an'ny olon-dehibe, mihoatra ny 140 isa-minitra ho an'ny ankizy mihoatra ny 2 taona, ary mihoatra ny 190 isa-minitra ho an'ny zazakely)
- ‘hatsembohana mangatsiaka’; hatsatra, mangatsiaka, hoditra tsemboka
- tosi-drà midina ambany be loatra
- fikorontanana ara-tsaina, havizanana na tsy fahatsiarovan-tena.

*Inona ny atao mba hisorohana na hitsaboana ny dona:*

Raha mitranga ny famantarana voalohany ny dona na mety hisy trangana'dona dia . . .

- ◆ Vahao ny fehin-kibo na akanjo tery mety anaovan'ilay olona.




- ◆ Ampandrio ilay olona ka ny tongony dia somary ampiakarina ambony mihatra ny lohany, toy izao. Raha toa ka naratra mafy teo amin'ny lohany anefa ilay olona, dia ataovy toy ny 'mipetraka mitsilany' izy (p. 91).
- ◆ Ampitsaharo ny fandehanan-drà rehetra. Mampiasà gan-tànana na harona plastika hiarovanao ny rà tsy hikasika ny tònanao.
- ◆ Raha mahatsiaro mangatsiaka ilay olona dia tafio bodoftosy.
- ◆ Raha mahatsiaro tena izy ka afaka misotro rano dia omeo rano kely na zavatra hafa azo sotroina. Raha toa tsy ampy rano izy dia omeo rano betsaka, sy Zava-pisotro Famerenan-drano (p. 152). Raha toa ka tsy misy fiovàna haingana ilay olona dia asio serôma alefa anaty lalan-drà raha hainao ny manao izany.
- ◆ Tsaboy ny ratrany raha maratra izy.
- ◆ Raha mahatsiaro fanaintainana izy dia omeo aspirinina na fanafody hafa ho an'ny fanaintainana—fa aza atao fanafody misy *fampitoniana fanaintainana* toy ny codeine.
- ◆ Mitonia hatrany, ampitonio ilay olona, ary mitadiava fanampian'ny dokotera
- . Raha tsy mahatsiaro tena ilay olona dia:
  - ◆ Ataovy mihorirana izy ary ataovy ambany ny lohany.
  - ◆ Raha nandoa izy dia diovy avy hatrany ny vavany. Ataovy ambany tsara ny lohany, ataovy mitongilana mihorirana (jereo eo ambony) mba tsy ho lasa any anaty avokavony ny lo. Raha toa ka voadòna mafy ny hatony na ny hazon-damosiny dia aza ahorirana ny lohany na koa ahetsika ny lamosiny.
  - ◆ Aza omena na inona na inona amin'ny vavany izy mandrapahatsiarovany-tena.
  - ◆ Raha mahay manindrona any amin'ny lalan-drà ianao na ny olona eo amin'ny manodidina anao (ranon-tsira natao serôma tsotra) dia omeo amin'ny tete mandeha haingana izany.
  - ◆ Mitadiava fanampian'ny dokotera haingana.

## TSY FAHATSIAROVAN-TENA

Ny anton'ny tsy  
fahatsiarovan-tena tampoka  
mahazatra dia:

- fahamamoana
- voavely teo amin'ny loha  
(novelesina mafy)
- dona (p. 77)
- fanintonan (p. 178)
- fanapoizinana (p. 103)



- torana (nohon'ny tahotra, havizanana, Tsy-fahampian'ny tahan'ny siramamy ao anaty, sns.)
- voan'ny hafanana be diso tafahoatra (p. 81)
- fahatapahan'ny lalan-drà (p. 327)
- fihetsehan'ny aretim-po (p. 325)

Raha roa ka tsy mahatsiaro tena ny olona iray ka tsy fantatralo ny anton'izany **dia jereo avy hatrany ireto manaraka ireto:**

1. **Miaina** tsara ve izy? Raha tsy izany dia atongilano ny lohany ary sintony mankany aloha ny valanoranony sy ny lelany. Raha misy zavatra manakana ao an-tendany dia harony hivoaka tao izany. Raha tsy miaina izy dia tohofana ny vavan'ny marary ary andefasana fofon'aina eo no ho eo (jereo p. 80).


2. **Very rà be dia be ve izy?** Raha izany dia fehezo ny fahaverezan-drà (jereo p. 82).

3. Raha toa ka **dona** no mahazo azy (hoditra tsemboka, hatsatra; vizaka, fidoboky ny fo haingana be)? Raha izany dia ampandrio izy ary ataovy ambany kokoa noho ny tongony ny lohany, ary vahao ny akanjony (jereo p. 77).


4. Mety **voan'ny hafanana be diso tafahoatra** (tsy misy hatsembohana, hafanana ambony be, hoditra mafana sy mena)? Raha izany dia alofy amin'ny masoandro izy, ataovy ambony kokoa noho ny tongony ny lohany, lemo rano mangatsiaka izy (rano mamanala raha azo atao) ary kopakopaho (jereo p. 81).

**Ahoana ny fomba hametrahana ny olona tsy mahatsiaro tena:**

Hoditra hatsatra:  
(dona, torana, sns.)



Hoditra mena na toy ny mahazatra:  
(voan'ny hafanana diso tafahoatra, tapaka lalan-drà, olana eo amin'ny fo, ratra eo amin'ny loha



**Raha toa ka maratra mafy ilay olona tsy mahatsiaro tena dia:**


Mety kokoa raha hetsehina izy mandrapahatsiaro-tenany. Raha toa ka tsy maintsy manetsika azy ianao dia ataovy am-pitandremana tsara izany satria mety tapaka ny hatony na ny lamosiny, ny fanovana toerana azy dia mety hiteraka fahavoazana lehibe ho azy (jereo p. 100).

Jereo raha misy ratra na taolana tapaka, saingy aza dia hetsehina be loatra ilay olona. Aza aforitra ny lamosiny na ny hatony.

**Aza omena na inona na inona amin'ny vavany ny olona tsy mahatsiaro tena.**


## RAHA TOA KA KENDA

Raha kendan'ny sakafona zavatra hafa ny olona iray ka tsy afaka miaina izy dia ataovy **haingana** izao fihetsika izao:



- ◆ Ataovy miondrika hatrelo amin'ny faritry ny tratrany izy.
- ◆ Ampiasao ny felatananao hikapohana in-dimy ao andamosin'ilay olona.

Raha tsy mandaitra izany:



- ◆ Mijoroa ao aorinany ary ataovy mihodidina ny valahany ny sandrinao roa.
- ◆ Apetraho eo amin'ny kibony, eo ambonin'ny foitra sy ambanin'ny taolan-tehezana ny totohondrinao.
- ◆ Potsero **tampoka** amin'ny kibony ary hetseho mafy hiakatra izy.

Hisintona ny rivotra avy ao anaty avokavoka izany ary hanafaka ny tendany. Avereno im-betsaka raha ilaina.

(Ho an'ny olona matavy, vehivavy mitondra vohoka, olona ambony sezamisy kodiarana, na zaza madinika, ataovy eo amin'ny tratra ny Tanana fa tsy amin'ny kibo).

raha toa ka tena ngeza be mohoatra lavitra noho ianao ilay olona na efa tsy mahatsiaro tena dia ataovy matory mitsilany izy, antongilano ny lohany ary mipetraha eo amboniny toy izao, apetraeo eo amin'ny kibony, eo anelanelan'ny kibony ny taolan-tehezany ny laton-tananao. Atoseho mafy miakatra haingana be. Avereno im-betsaka raha ilaina. Raha mbola tsy afa-miaina ihany izy dia **tohofy ny vavany ary andefaso fofon'aina** (jereo ny pejy manaraka).



## NILENTIKA TANY ANATY RANO

Ny olona nitsahatra tsy niaina dia tsy manana afa-tsy 4 minitra hiainana! **Mihetseha aingana ianao!**

**Antombohy eon oho eo ny fandefasana fofon'aina ao ambavany** (jereo ny pejy manaraka)—raha azo atao, eny fa na dia mialohan'ny hialany ao anaty rano aza, vantany vao marivo azo hitsanganana ao anaty rano.



**ANTOMBOHY EO NO HO EO FOANA NY FANDEFASANA  
FOFON'AINA AO AMBAVANY.**

## AHOANA NY ATAO RAHA MIJANONA TSY MIAINA INTSONY NY OLONA IRAY: FANDEFASANA FOFON'AINA ANY AMBAVANY

Ny anton'ny fijanonana tsy miaina intsony dia:


- kenda
- manakana ny tendan'ny olona tsy mahatsiaro tena ny lelany na ny rehoka
- filentehana anaty rano, sempotry ny setroka, na fanapoizinana
- Kapoka mafy teo amin'ny loha na tratra
- fihetsehan'ny aretim-po

Mety maty ao anatin'ny 4 minitra ny olona iray izay tsy afaka miaina.


### Raha mijanona tsy miaina ny olona iray dia antombohy AVY HATRANY ny fandefasana fofon'aina any ambavany,

Ataovy faran'izay haingana vitanao ireto manaraka ireto:

**Dingana 1:** Ampiasao haingana ny rantsan-tananao iray hanesorana ny zavatra manakana ao anaty vava na tenda.



**Dingana 2:** Ataovy mitsilany moramora haingana ilay olona. Ataovy miandrandra moramora ilay olona, ary sontony mandroso ny valanoranony.



**Dingana 3:** Tampeno amin'ny rantsantananao ny orony, sokafy tsara ny vavany, tohofy amin'ny vavanao ny vavany, ary andefaso fofon'aina mafy mankany amin'ny avokavony hampibontsina ny tratrany. Miatoa kely ary avelao hivoaka ny rivotra avy eo, dia andefaso fofon'aina indray. Avereno in-draindry isaky ny 5 segondra. Ho an'ny zazakely sy ankizy madinika, sarony amin'ny vavanao ny orony sy ny vavany ary miainà **moramora kely** in-draindry ao anatin'ny 3 segondra eo ho eo.



Tohizo ny **fandefasana fofon'aina any ambavany** mandrapaiainan'ilay olona irery na mandrapahazoanao antoka fa tsy maty ilay olona. Indraindry dia mila manao izany hatrany mandrindra ny adiny iray na mahery ianao.

Fanamarihana: Raha tsy hoe angaha misy ratra na rà mandeha ao amba vany, dia tsy ho voan'ny hepatita na VIH ianao raha mandefa fofon'aina any ambavan'ny olona iray.

## IREO TAMPOKA ATERAKY NY HAFANANA

### Mikainkona nohon'ny Hafanana

Amin'ny andro mafana, ireo olona miasa mafy sy mamoaka hatsembohana be matetika dia voan'ny fikainkonana: Marary eo amin'ny ranjony, sandriny, na vavoniny. Izany dia mitranga nohon'ny tsy fahampian'ny sira amin'ny vatany.

Fitsaboana: Asio sira iray sotrokely ao anaty rano iray litatra avy nampangotrahina ary sotroy. Avereno isan'ora izany mandrapahalasan'ny fikainkonana. Asaivo mipetraka na mitsotra amin'ny toerana mangatsiatsiaka ilay olona ary hory moramora ilay faritra manaintaina.

### Reraky ny Hafanana

Famatarana: Ny olona iray izay miasa mafy ary mamoaka hatsembohana be amin'ny andro mafana dia mety ho lasa hatsatra, vizaka, maloiloy ary mety ho torana. Mangatsiaka sy tsemboka ny hoditra. Midoboka haingana sy malefaka ny fo. Mety hiakatra ny hafanan'ny vatana fa saingy aradalàna izany matetika (jereo p. 31).

Fitsaboana: Asaivo mitsotra amin'ny toerana mangatsiatsiaka, ampiakaro ny tongony ary koseho ny ranjony. Omeo ranon-tsira izy ho sotroiny: sira 1/2 sotrokely atao anaty rano iray litatra. (Aza omena na inona na inona amin'ny vavany ilay olona raha tsy mahatsiaro tena).



### Voan'ny Hafanana Diso Tafahoatra

Ny hafanana diso tafahoatra dia tsy mahazatra saingy tena mampidi-doza tokoa. Ny olona efa antitra, matavy be ary mpisotro toaka be amin'ny andro mafana no tena itrangan'izy io.

Famatarana: Mena, mafana be ary maina ny hoditra. Na ny ambany heliny aza maina. Misy hafanana be ilay olona, indraindray dia mihoatra ny 42°C, ary midobobok aingana be ny fony. Matetika dia tsy mahatsiaro tena izy.

Fitsaboana: **Tsy maintsy ampidinina eo no ho eo ny hafanan'ny vatana.** Ataovy amin'ny maloka ilay olona. Raraho rano mangatsiaka izy (rano mamanala raha azo atao) ary kopakopaho. Tohizo izany mandrapilatsaky ny hafanana. Mitadiava dokotera.

TSY FITOVIAN'NY 'RERAKY NY HAFANANA' SY NY 'VOAN'NY HAFANANA DISO TAFAHOATRA':	
<b>RERAKY NY HAFANANA</b>	<b>VOAN'NY HAFANANA DISO TAFAHOATRA</b>
<ul style="list-style-type: none"> <li>• Tsemboka, hatsatra, hoditra mangatsiaka</li> <li>• Anakandriamaso mihitatra</li> <li>• Harerahana</li> </ul>	<ul style="list-style-type: none"> <li>• Hoditra maina, mena, mafana</li> <li>• Hafanana ambony be</li> <li>• Marary be ilay olona na tsy mahatsiaro tena</li> </ul>

Ho an'ny tampoka ateraky ny hafanana, jereo ny p. 408 sy 409.

## AHOANA NY FIFEHEZANA NY FANDEHANAN-DRA ATERAKY NY RATRA

1. Ingao ny faritra maratra.




2. Tsindrio mivantana amin'ny lamba matevina sy madio (na amin'ny tananao raha toa ka tsy misy lamba) ilay ratra. Tsindrio eo foana mandrapitsahatry ny rà. Mety haharitra 20 minitra na ora iray na mihoatra indraindray izany. Ity karazana **fanindriana maharitra** ity dia hampitsahatry ny fandehanan-drà amin'ny ankabeazan'ny ratra rehetra—eny fa na dia misy faritra niala aza tamin'ny vatana.

Indraindray ny fanindriana mivantana dia tsy mahafehy ny fandehanan-drà,indrindra raha lehibe ilay ratra na niala ny sandry na ny ranjo. Raha mitranga izany:

- ◆ Tohizo ny fanindriana eo amin'ny ratra.
- ◆ Apiakaro faran'izay ambony be tratra ilay maritra maratra.
- ◆ Azonao atao ny mihazona ny fanindriana amin'ny alalan'ny famotorana mafy ny ratra amin'ny fehy lamba na lamba madio.
- ◆ Potsero ny faritra fanerena eo amin'ny lalan-drà izay mitondra ny rà mankany amin'ilay faritry ny vatana. Ireo faritra fanerena dia ireo faritra ahafahanao manindry ny lalan-drà manohitra ny taolana mba hanajanonana na hampihenana ny fandehanan'ny rà, amin'ny alalan'ny faritra fisaka amin'ny rantsan-tananao.

### FARITRA FANERENA



- ◆ Tsindrio mandritra ny 20 minitra alohan'ny hijerena raha nijanonana ilay rà na tsia. Tsindrio hatrany amin'ny tânanao ilany indray ilay ratra. Asa be ny fanohizana ny fanindriana—aza kivy!

### FEPETRA:

- Ny fampiasàna *tourniquet* mba hanajanonana ny fandehanan-drà dia matetika miafara amin'ny fahatapahan'ilay sandry na ranjo tanteraka. Aza mampiasa tourniquet raha tsy faran'izay tsy misy hevitra hafa mihitsy. Aza mampiasa tady na tari-by. Mety handratra ny hoditra izany.
- **Aza** mampiasa zavatra maloto, *kerosene*, sokay, na kafe hanajanonana ny fandehanan-drà.
- Raha toa ka mahery vaika ny ratra na fandehanan-drà, ampiakaro ny tongotra ary ampidimpidino ny lohan'ilay maratra mba hisorohana ny dona (jereo p. 77).
- Aza avela mikasika ratra na fery eo amin'ny hoditraq ilay rà (jereo p. 75).

## AHOANA NY ATAO HANAJANONANA TEVI-DOHA

1. Mipetraha moramora sy mahitsy.

2. Ahisino moramora ny orona mba hialan'ny lelo sy ny rà.


3. Asaivo tendren'ilay olona mafy ny orony mandritra ny 10 minitra na mandrapahatapitry ny fandehanan'ny rà.

Raha toa ka tsy mahafehy ny fandehanan-drà izany . . .



Tsentseno vohavohan-dandihazo ny lavak'orona, ary asio ampahtany mivoaka ety ivelany izany. Raha azo atao dia asio *Vaseline* na lidocaine misy epinephrine aloha ilay vohavohan-dandihazo (p. 379).

Avy eo dia tendreo mafy indray ilay orona. Aza avotsotra mandritra ny 10 minitra na mihoatra.  
Aza aondrika ny loha.



Avelao eo ihany ilay vohavohan-dandihazo mandritra ny ora vitsivitsy aorian'ny fijanonan'ny rà; avy eo dia esory moramora.

Ho an'ny olona efa lehibe manokana, dia mety ho avy amin'ny faritra ambadiky ny orona n y fandehanan-drà ka tsy afaka ajanona amin'ny alalan'ny fanendrena izany. Raha izany no mitranga dia asaivo tereny amin'ny nifiny ny bosoa, na taolan-katsaka, na zavatra toy izany ary asaivo miondrika, mipetraka moramora ary ezaho ny tsy mitelina mandrapahatapitsy ny fandehanan'ny rà. (Ilay bosoa dia manampy azy tsy hitelina, ary manampy ny rà mba hivaingana).



*Fisorohana:*

Raha mandeha tevi-doha matetika ilay olona dia osory *Vaseline* kely ao anaty lavak'orona indroa isan'andro. Na asio ranon-tsira kely ao anaty orona (jereo p. 164).

Ny fihinanana voasary, voatabia, na voankazo hafa dia mety manampy amin'ny fanatanjahana ny lalan-drà amin'izay dia tsy handeha rà matetika intsony ny orona.

## TATAKA, VOAKIAKA, ARY RATRA MADINIKA

**Ny fahadiovana no zava-dehibe voalohany indrindra amin'ny fisorohana ny otrikaretina sy fanampiana ny ratra ho sitrana.**

**fitsaboana fery . . .**

*Savony*

*Rano nampangotrahana*

Voalohany, sasao tsara amin'ny savony sy rano ny tànanao.

Raha mandeha rà na misy rano mijininika ilay ratra dia manaova gan-tànana na fonosy amin'ny harona plastika ny tànana. Sasao amin'ny savony sy rano mangatsiaka avy nampangotrahina ilay hoditra manodidina ilay ratra.

Sasao tsara amin'ny rano mangatsiaka avy nampangotrahina (sy savony, raha toa ka maloto be ilay ratra. Manadio ny savony saingy mety hanimba ny nofo) amin'izay ilay ratra.


Rehefa manadio ilay ratra, esory tsara daholo ny loto. Ingao ary diovy tsara ao ambanin'ny sisin'ny hoditra. Azonao atao ny mampiasa fitaovana fanongotana volo madio, na lamba madio na kaompresy, hanesorana ny loto kely rehetra, saingy ampangotraho hatrany izany aloha mba ahazoanao antoka fa madio tsara.

Raha azo atao dia tifiro, amin'ny fitaovam-panindronana na fitaovana fisintonana rano, amin'ny rano mangatsiaka avy nampangotrahina ilay ratra.

Ny loto kely rehetra adino ao anaty ratra dia mety hiteraka otrikaretina.

Rehefa voadio ilay ratra dia osory menaka antibiotika manify toy ny Neosporin raha toa ka manana ianao. Avy eo dia sarony kaompresy na lamba kely madio eo amboniny. Tsy maintsy atao manify izany mba ahafahan'ny rivotra miditra amin'ilay ratra mba hanasitranza azy. Soloy isan'andro ilay kaompresy na lamba kely ary jereo sao misy famantarana otrikaretina (jereo p. 88).

Raha maloto ilay ratra na voatsindrona nefá mbola natao vaksiny tetanosy ianao, (jereo p. 388), manaova izany ao anatin'ny roa andro.



**AZA asiana taim-biby na olona na fotaka MIHITSY eo amin'ilay ratra.**

**Mety hiteraka otrikaretina mahery vaika izany, toy ny tetanosy.**

**AZA asiana alikaola, teinture d'iode, na Merthiolate MIHITSY amin'ny ratra; ny fanaovana izany dia hanimba ny nofo ary hampiadana ny fahasitranana.**

## TATAKA BE: AHOANA NY FANAKATONANA IZANY

Ny tataka vao haingana nefo madio be dia sitrana vetivety raha toa ka akambanao ny sisiny roa mba hikatona ilay tataka.


Azo akatona ny tataka lehibe raha voahaja ireto fepetra manaraka ireto:

- Latasaky ny 12 ora no naха-tataka azy,
- madio be ilay tataka, ary
- tsy nisy mpitsabo afaka nanakatona azy iny andro iny ihany.

Alohan'ny hanakatonana ilay tataka dia sasao tsara amin'ny rano mangatsiaka efa avy nampangotrahina (sy savony raha toa ka maloto ilay ratra). Raha azo atao dia tifiro amin'ny fitaovam-panindronana sy rano. Tandremo tsara tsy hisy loto na savony tafajanona ao anatin'ilay tataka.

Misy fomba roa hanakatonana ny tataka:

### BANDY MIRAIKITA MIENDRIKA 'LOLO'




## ZAITRA AMIN'NY KOFEHY

Mba ahafantarana raha mila zairina ilay tataka dia jereo raha afaka mikambana ho azy ireo sisin'ny hoditra. Raha mety mikambana izany dia tsy mila zairina.

Ny fomba fanjairana ratra:

- ◆ Ampangotraho ny fanjaitra sy kofehy manify (nylon na landy no tsara indrindra) mandritra ny 20 minitra.
- ◆ Sasao amin'ny rano mangatsiaka efa avy nampangotrahina ilay ratra, toy ny efa voalaza.
- ◆ Sasao tsara amin'ny rano avy nampangotrahina sy savony ny tananao.
- ◆ Zairo toy izao ilay ratra:



Ataovy eo afovoan'ilay tataka ny zaitra voalohany ary fatory tsara hikatona izany (1. sy 2.).

Raha mafy ilay hoditra dia tazony amin'ny tandra ilay fanjaitra (na fitazonana fanjaitra) izay avy nampangotrahina.

Mbola ampio zaitra hafa hanakatonana manontolo ny tataka (3.).

Avelao eo mandritra ny 5 hatramin'ny 14 andro ny zaitra (eo amin'ny tarehy 5 andro; vatana 10 andro; tanana na tongotra 14 andro). Avy eo dia esory ny zaitra: tapaho ilay fatotra ary sintony izany mandrapivoakan'ilay kofehy.

**TANDREMO:** Aza manakatona afa-tsyo ratra madio be na latsaky ny 12 ora. Ny ratra efa ela, maloto, na manonitra be dia tokony avela hivoha. Ny kaikiry ny olona, alika, kisoa, na biby hafa dia tsy azo akatona. Ny fanakatonana izany dia mety hiteraka otrikaretina mampidi-doza.

**Raha hita fa manonitra ny ratra nakatona dia esory eo no ho eo ny zaitra ary avelao hivoha ilay ratra (jereo p. 88).**

## BANDY

Ny bandy dia ampiasaina mba hihazonana ny fahadiovan'ny ratra. Noho izany, ny bandy na lamba kely izay ampiasaina hanaronana ratra dia tsy maintsy madio tsara. Ny lamba ampiasaina atao bandy dia tsy maintsy sasàna ary nohamainina tamin'ny fera fipasohana na masoandro, amin'ny toerana madio tsy misy vovoka.






Ataovy azo antoka tsara fa voadio tsara ilay ratra, toy ny ao amin'ny pejy p. 84. Raha azo atao dia sarony amin'ny kaompresy vita amin'ny vovònidadihazo madio alohan'ny ametrahana ny bandy. Ireo karazana vovò ireo dia matetika amidy ao anaty tranony mihidy eny amin'ny trano fivarotam-panafody.

Na manaova kaompresy na lamba kely madio anao manokana. Fonosy ao anaty taratasy matevina izany, hidio amin'ny paingotra, ary andrahoy ao anaty lafaoro mandritra ny 20 minitra. Ny fametrahana rano ao anaty vilany kely ao anatin'ilay lafaoro, eo ambanin'ilay lamba kely dia manakana izany tsy ho lasa lavenona.

Raha toa ka mando na maloto ao ambanin'ilay bandy dia esory izany, diovy indray ilay tataka ary ametraho bandy madio. Soloy isan'andro ny bandy.

**Aleo tsy misy bandy mihitsy toa izay misy fa maloto na mando.**

OHATRA MIKASIKI NY BANDY:



Fanamarihana: Ho an'ny zaza, tsara kokoa ny manisy bandy ny tånanana na ny tongotra manontolo fa tsy rantsan-tånanana na rantsan-tongotra iray ihany. Ho sarotra esorina ilay bandy.

**TANDREMO:** Tandremo tsara tsy ho voageja be ny bandy manodidina ny rantsana mba tsy hisakana ny fikorinan'ny rà.

Maro ireo kiaka na tataka kely no tsy mila bandy. Sitrana mora kokoa izy ireo amin'ny alalan'ny fanasana azy amin'ny savony sy rano ary avela hisokatra hahazo rivotra. Ny tena zava-dehibe indrindra dia ny **fitandremana azy hadio**.

## FERY MANONITRA:

### AHOANA NY AHAFANTARANA SY HITSABOANA IZANY

#### Manonitra ny fery raha:

- lasa **mena**, **mivonto**, **mafana**, ary **manaintaina** izany,
- misy **nana**,
- na manomboka **mamofona ratsy**.

#### Mihanaka amin'ny faritra hafa amin'ny vatana ilay otrikaretina raha:

- miteraka **fanaviana**,
- misy **tsipika mena eo ambonin'ilay ratra**,
- na **lasa mivonto sy marary raha kasihina ny atody tarimo**. Ny atody tarimo—izay antsoina matetika hoe ‘atodintariana’ — dia fandrika kely ho an’ireo mikraoba izay mivonto kely ao ambany hoditra rehefa miteraka otrikaretina.



#### Fitsaboana ireo Fery Manonitra:


- ◆ Asio lamba mamay mandritra ny 20 minitrina in-4 isan'andro eo ambonin'ilay ratra. Na ataovy ao anaty koveta misy rano mamay ny tåñana na tongotra misy fery manonitra.
- ◆ Aza ahetsika ary ataovy amin'ny toerana avo ilay faritra manonitra (atao mihoatra ny farity ny fo).
- ◆ Raha toa ka mahery vaika ilay otrikaretina na tsy vita vaksiny miaro amin'ny tetanosy ilay olona dia mampiasà antibiotika toy ny penicillin atao tsindrona (jereo p. 351, 352) ary omeo metronidazole ihany koa izy (p. 368).

**TANDREMO:** Raha misy fofona ratsy ilay fery, raha misy rano miloko volon-tany na volon-davenona mivoaka avy amin'ilay izy, na mihamainty ary mibontsin-drano na rivotra ilay hoditra dia mety ho fery mandoaka izany. Manatôna dokotera haingana. Mandritra izany fotoana izany dia araho ireo torohevitra mikasika ny fery mandoaka, ao amin'ny p. 213.

## RATRA IZAY AZO INOANA FA HANONITRA BE

### Ireto ratra ireto dia inoana tokoa fa hanonitra be:

- voatsindrona na ratra lalina hafa izay tsy nande rà loatra
- ratra azo tamin'ny toerana fametrahana ny biby: fahatra, tranon-kisoa, sns.
- ratra lehibe misy voadòna mafy na potika
- kaikitra, indrindra avy amin' ny kisoa, alika na olona
- ratra azo avy amin'ny tifitry ny bala




### Fikarakarana manokana ity karazana ratra 'mampidi-doza' ity:

1. Sasao tsara amin'ny rano nampangotrahina sy savony. **Esory avokoa ireo loto, vaingan-drà sy nofo maty na potika be.** Tifiro amin'ny fitaovam-panindronana na fitaovana fisintonana rano ilay ratra.
2. Raha lalina be na avy amin'ny kaikitra ilay ratra dia omeo antibiotika toy ny penicillin (p. 351), doxycycline (p. 355), na cotrimoxazole (p. 357) ilay olona. Omeo metronidazole ihany koa (p. 368).
3. **Aza zairina na asiana bandy miendrika 'lolo' mihitsy ilay ratra. Avelao hisokatra ho azon'ny rivotra.** Raha lehibe loatra izany dia ny mpiasan'ny fahasalamana na dokotera no mety manakatona azy avy eo.

Ny loza ateraky ny tetanosy dia lehibe tokoa ho an'ny olona tsy vita vaksiny miaro amin'io aretina mahafaty io. Mba hanamaivanana ny loza, ny olona izay tsy vita vaksiny miaro amin'ny tetanosy dia tokony atao vaksiny (p. 147) na mampiasa antitoxin ho an'ny tetanosy (p. 388). Saingy araho tsara ny fepetra ao amin'ny pejy p. 70 raha mampiasa antitoxin ho an'ny tetanosy vita avy amin'ny serôma azo avy amin'ny soavaly.

Raha avy amin'ny kaikitry ny biby ilay ratra dia mety ho voan'ny haromotana ilay olona (see p. 181), mampiasà fiarovana avy hatrany.

## RATRA AVY AMIN'NY BALA, ANTSY, SY RATRA LEHIBE HAFA



Ny atahorana amin'ny otrikaretina: Ny ratra avy amin'ny bala na antsy dia mety hiteraka otrikaretina mahery vaika tokoa. Noho izany, ny antibiotika toy ny cloxacillin (p. 350) na clindamycin (p. 358) dia tokony ampasaina eo noho eo.


Ireo olona tsy vita vaksiny tetanosy dia tokony tsindronina antitoxin ho an'ny tetanosy raha azo atao (p. 389), ary tokony atao vaksiny miaro amin'ny tetanosy ihany koa.

Raha azo atao dia mitadiava dokotera.

### Ratra Azo avy amin'ny Bala eo amin'ny Sandry na Ranjo



- ◆ Raha mandeha rà be ilay ratra dia fehezo toy izay hita ao amin'ny pejy 82 ilay rà.
- ◆ Raha tsydia be loatra ny fandehanan'ny rà dia avelao handeha rà eo ilay ratra mandritra ny fotoana fohy. Hanampy amin'ny fanadiovana azy izany.
- ◆ Sasao amin'ny rano avy nampangotrahina nampangatsiahina ilay ratra. Raha ratra azo avy amin'ny tifiry ny bala izany dia sasao fotsiny ilay faritra (eo ivelany). Tsara kokoa raha tsy kitihina ny ao anatin'ilay lavaka. Aorian'ny fanadiovana dia asio bandy madio.
- ◆ Omeo antibiotika.




#### TANDREMO:

Raha toa ka voan'ilay bala ny taolana dia mety tapaka zany.


Ny fampiasana na manavesatra ilay rantsana naratra (ny fitsanganana ohatra) dia mety hiteraka fahatapahana bebe kokoa, toy izao:

Raha eritreretinao fa tapaka ilay rantsana dia tsara raha tsy ahetsika ilay rantsana ary tsy ampasaina mandritra ny herinandro maro.



**Raha toa ka mahery vaika ilay ratra** dia ampiakaro ambony mihoatra kely ny fo ilay faritra maratra ary hazony tsy hietiska tanteraka ilay olona maratra.

Toy izao no atao dia ho sitrana  
vetivety ilay ratra ary tsy  
atahorana hanonitra.



ENY



Ny mandeha amin'ny tongotra  
maratra na ny mipetraka ka atao  
ambany ilay tongotra dia  
hampiadana ny fahasitranana ary  
hahatonga ny fery hanonitra.


TSIA



Manamboara samboady toy ity mba hihazonana ny sandry voan'ny bala na ratra lehibe hafa.

### Ratra Lalina amin'ny Tratra


Ny ratra eo amin'ny tratra dia mety hampidi-doza. Mitadiava dokotera eo no ho eo.



- ◆ Raha toa ka nahakasika ny avokavoka ilay ratra ka voasintona eo amin'ilay lavaka ny rivotra rehefa miaina ilay olona dia sarony avy hatrany ilay ratra mba tsy hidiran'ny rivotra intsony. Asio *Vaseline* na menaka vita avy amin'ny zavamaniry ny kaompresy na bandy madio ary fonosy mafy toy izao ilay lavaka: (TANDREMO: Raha toa ka manasarotra ny fiaina ny bandy mifatotra mafy dia somary vahao kely izany na esory tanteraka).
- ◆ Ataovy amin'ny fipetraka mampahazo aina azy indrindra ilay olona maratra.
- ◆ Raha maneho fambara dona izy dia tsaboy amin'ny tokony ho izy (jereo p. 77).
- ◆ Omeo antibiotika na fanalàna fanaintainana.

### Ny Ratra avy amin'ny Bala eo amin'ny Loha

- ◆ Ampandrio ka somary ataovy mipetraka ilay olona.
- ◆ sarony amin'ny bandy madio ilay ratra
- ◆ Omeo antibiotika (penicillin).
- ◆ Mitadiava dokotera.





## Ratra Lalina eo amin'ny Kibo

Ny ratra rehetra mahazo ny kibo na ny tsinay dia mampidi-doza. **Mitadiava dokotera eo no ho eo.** Saingy mandritra izany:

Sarony bandy madio ilay ratra.


Raha toa ka misy farity ny tsinay mipoitra eo amin'ilay ratra, sarony amin'ny lamba madio nolemana tamin'ny rano nampangotrahina efa mangatsiaka misy sira. Aza atosika miverina ilay tsinay. Ataovy azo antoka fa lena hatrany ilay lamba.



**Aza omena na inona na inona amin'ny vavany izy:** na sakafo, na zava-pisotro, eny fa na dia rano aza—raha tsy hoe afaka 2 andro vao afaka tonga any amin'ny tobim-pahasalamana. Raha izany dia omeo rano fotsiny ihany ka ampisotroy azy tsikely.


Raha toa ka mahatsiaro tena ilay olona ka mangetaheta dia avelao izy hitsentsitra amin'ny lamba kely nalona tao anaty rano.

Raha toa ka iharan'ny dona lehibe ilay olona maratra dia apiakaro ambony mihoatra ny haavon'ny lohany ny tongony.



**Aza omena fanadiovana ny ao anaty mihitsy,** eny fa na dia mibontsina aza ny kibony na tsy mihetsika ny tsinain'ilay olona maratra mandritra ny andro maro. Raha rovitra ilay tsinay dia mety hamono azy ny fanadiovana ny ao anaty.

Tsindrony antibiotika (jereo ny pejy manaraka mikasika ny toromarika).



**AZA MIANDRY MPIASAN'NY FAHASALAMANA.**

**ENTO AVY HATRANY ENY AMIN'NY TOBIM-PAHASALAMANA NA HOPITALY AKAIKY INDRINDRA ILAY MARATRA.**  
Mila fandidiana izy.

FANAFODY HO AN'NY RATRA MAHAKASICA NY TSINAY (ho an'ny apandisita na peritonita ihany koa)

**Mandrapahazonao fanampian'ny dokotera dia ataovy ireto manaraka ireto:**

Tsindrony ampicillin (p. 352), 1 g. (ampoule 250 mg. miisa efatra) isaky ny adin'ny 6. Omeo metronidazole ihany koa (p. 369), 1 g. isaky ny adin'ny 12.

Raha azo atao, omeo ciprofloxacin (p. 356), 500 mg. isaky ny adin'ny 12.

**Raha tsy misy ampicillin:**

Tsindrony penicillin (crystalline, raha azo atao, p. 352), 5 million Units eo no ho eo; rehefa vita izany dia 1 million units isaky ny adin'ny 4. Omeo metronidazole ihany koa, ary raha azo atao dia omeo ciprofloxacin.

NA tsindrony ceftriaxone, 1 g. isaky ny adin'ny 24. Omeo metronidazole sy ciprofloxacin ihany koa.

Raha tsy manana ireo antibiotika ireo amin'ny endrika tsindrona ianao dia omeo ampicillin na penicillin atelina izy, miaraka amin'ny metronidazole sy ciprofloxacin ary rano kely dia kely.

## OLANA TAMPOKA MAHAZO NY TSINAY (ARETIN-KIBO MAHERY VAIKA)

*Ny aretin-kibo mahery vaika dia anarana omena ny loza maro tampoka mahazo ny tsinay izay ilàna fandidiana eo no ho eo mba hisorohana fahafatesana. Appendisita, peritonita, ary tsinay tsentsina dia ohatra amin'izany (jereo ny pejy manaraka). Eo amin'ny vehivavy, ny aretina manaintaina eo amin'ny lohavaniana (matetika arahina tsiranoka amin'ny fivaviana, jereo p. 243), na zaza antsosokoditra (any amin'ny tsinay) dia mety hiteraka aretin-kibo mahery vaika. Ny tena antony mahatonga ny aretin-kibo mahery vaika dia tsy fantatra mazava raha tsy didiana ny kibo ary jerena ny ao anatiny.*

**Raha marary tsinay tsy mijanona ilay olona sady mandoa fa tsy mivalana dia mety voan'ny aretin-kibo mahery vaika.**

### ARETIN-KIBO MAHERY VAIKA:

**Ento any amin'ny hopitaly—  
mety mila fandidiana**

- fanaintainana tsy mijanona ary miharatsy
- mitohana sy mandoa
- kibo mibontsina, mafy, arovan'ilay olona, tsy avelany kitihina.
- marary be

### ARETINA TSY MAHERY BE:

**Mety afaka sitranina ao an-trano na  
toeram-pitsaboana**

- fanaintainana mandalo tampoka dia mijanona (mikainkona)
- fivalanana antonony na mahery vaika
- famantarana otrikaretina indraindray, mety ho sery na aretin-tenda
- efa voan'ny fanaintainana toy izany izy teo aloha
- tsy dia marary be

**Raha maneho famantarana aretin-kibo  
mahery vaika ilay olona dia ento any amin'ny  
hopitaly faran'izay haingana.**

## Tsinay Tsentsina

Ny aretin-kibo mahery vaika dia mety ateraky ny zavatra manakana na 'manentsina' ny ampanhan'ny tsinay, noho izany dia tsy mandeha tsara ny sakafo sy ny tay. Ireo antony tena mahazatra dia:

- sakoirtra mivongana na mifamatotra (Ascaris, p. 140)
- tsinay mivongana tery ao anaty kitapon- tsinay mipotsaka (p. 177)
- ampanhan'ny tsinay nisitrika ao anatin'ny ampanhan'ny tsinay hafa ao ambaniny (invagination na *intussusception*)


Ny ankabeazan'ny karazana aretin-kibo mahery vaika dia mety maneho famantarana fahatsentsenana. Satria mandona ilay tsinay simba izay tokony hihetsika dia lasa mijanona tsy mihetsika izany.

Famantarana tsinay tsentsina:

Fanaintainana tsy mijanona sy mahery vaika ao anaty kibo.

Mibotsina, mafy ary marary raha kitihina. Vao maika marary rehefa kasihina. Miezaka miaro ny kibony izy ary avonkony ny ranjony. 'Tsy misy feo' ny kibony. (Raha henoinao ny kibony dia tsy maneno toy ny mahazatra.)

**Mandoa be tampoka!** Mety mipurika iray metatra na mihatra ilay lo. Mety misy afero maitsosao anatiny na maimbo toy ny tay



Mithohana izy matetika (mihetsika kely na tsy mihetsika mihitsy ny tsinay). Raha mivalana izy dia kely fotsiny. Matetika ny hany mivoaka dia miendrika rehoka madinty misy rà.

Ento eny amin'ny hopitaly **faran'izay haingana** ilay olona. Atahorana ny ainy, mety mila fandidiana.

## Apandisita, Peritonita

Ireo tranga mampidi-doza ireo matetika dia mila fandidiana. Mitadiava dokotera haingana.


Ny appendicite dia aretina mahazo ny kambontsinay, kitapo toy ny rantsan-tanana mifatotra amin'ny tsinaibe, eo amin'ny ilany ankavanana ambanin'ny kibo. Ny kambontsinay marary dia mety ho vaky ary mitarika peritonita.

Ny Peritonite dia otrikaretina mahery vaika izay mahazo ny soson'ny lavaka na kitapo izay mihazona ny tsinay. Mitranga izany raha toa ka rovitra na miolana ny kambontsinay na faritra hafa amin'ny tsinay.

Tsinay kely


Tsinaibe

KAMBONTSINAY →




### Famantarana ny apandisita:

- Ny famantarana lehibe dia fanaintainana tsy mijanona ao anaty kibo izay mihàmafyl hatrany.
- Matetika dia manomboka eo amin'ny manodidina ny foitra ilay fanaintainana fa avy eo dia mifindra eo amin'ny faritra ambany havanana.
  - Mety tsy mahinan-kanina, mandoa, mitohana, ary misy hafanana kely.




### FITSAPANA NY APANDISITA NA PERITONITA:



Asaivo mikohaka ilay olona ary jereo raha marary be ao anaty kibony.

Na tsindrio miadana fa mafy ny kibony, eo ambony kelin'ny teta havia mandrapahenony marary.

Esory haingana ny tànana avy eo.




Raha toa ka misy marary manindrona be (fanaintainana miverina) rehefa esorina ilay tànana dia azo inoana fa apandisita na peritonita izany.

Raha tsy misy fanaintainana miverina eo ambonin'ny teta havia dia andramo atao indray ny ambonin'ny teta havanana.

### RAHA AHITÀNA SORITRA FAMBARA APANDISITA NA PERITONITA NY OLONA IRAY dia:

- ♦ **Mitadiava dokotera avy hatrany.**  
Raha azo atao, ento amin'ny toerana ahafahana mandidy azy ilay olona.
- ♦ **Aza omena na inona na inona ateliny** ary aza omena fanadiovana tsinay. Rehefa ahitànà famantarana tsy fahampian-drano ihany ilay olona vao omeo rano kely na Zava-pisotro Famerenan-drano (p. 152) vita amin'ny siramamy sy sira—fa aza omena ankoatr'izay.
- ♦ Tokony maka aina amin'ny toerana milamina ary mitsilany somary mipetraka ilay olona.



*Fanamarihana:* Raha efa ela ilay peritonita dia lasa mafy be toy ny hazo ilay kibo ary maheno marary be ilay olona na dia kasihina kely fotsiny ihany aza ny kibony. Atahorana ny ainy. Ento any amin'ny tobim-pahasalamana eo no ho eo izy ary eny an-dalana dia omeo azy ireo fanafody natoro eo amin'ny farany ambonin'ny pejy 93.

## FAHAMAIZANA

### *Fisorohana:*

Ny ankabeazan'ny fahamaizana dia afaka sorohana. Mandraisa fepetra manokana ho an'ny zaza: Aza avela manantona afo ny zazakely. Aza atao mora azo ny jiro sy ny afokasoka.

Avadiho ny tahan'ny lapoaly eo ambony fatana mba tsy ho takatry ny ankizy. Hidio ao anaty tranony mihidy tsara ny akora simika ary alaviro ny zaza.



### Fahamaizana Maivana izay tsy Mamorona Bontsin-drano (ambarantonga voalohany)

Mba hanamaivanana ny fanaintainana sy ny fahavoazana ateraky ny fahamaizana maivana dia ataovy ao anaty rano mangatsiaka **eo no ho eo** ilay faritra may. Tsy mila fitsaboana hafa. Mihinana aspirinina na acetaminophen ho an'ny fanaintainana. Fadio ny manome aspirinina ny zaza.

### Fahamaizana Izay Miteraka Mibontsin-drano, Fahamaizana avy amin'ny Akora Simika, sy Fahamaizana Ateraky ny Herin'aratra (ambarantonga faharoa).

Aza vakiana ny mibontsin-drano. Aza asiana rano mandry eo ambonin'ny faritra may. Raha toa ka vaky ny mibontsin-drano dia sasao moramora amin'ny savony sy rano nampangotrahina ary nampangatsiahina. Kobano amin'ny rano mandritra ny 30 minitra. Avy eo dia asio kaompresy eo ambonin'ilay faritra may, ataovy goragora mba tsy hanindry mafy ilay fery. Aza osorana menaka na dibera.

### **Zava-dehibe ny mitandrina ny fahadiovan'ny faritra may araka izay azo atao. Arov y amin'ny loto, vovoka, ary lalitra izany.**

Raha misy famantarana otrikaretina mitranga—nana, fofona ratsy, fanaviana, na atody tarimo mivonto—asio lamba fonom-pery misy ranon-tsira (sira iray sotrokely ho an'ny rano 1 litatra) in-3 isan'andro. Samy ampangotraho ny rano sy ilay lamba kely alohan'ny hampiasana azy. Esory moramora ny hoditra sy nofo maty. Azonao hosorana antibiotika miendrika menaka kely toy ny Neosporin (p. 370). Ho an'ny tranga mahery vaika dia mihinana antibiotika toy ny dicloxacillin (p. 350), clindamycin (p. 358), na ciprofloxacin (p. 358).

### Fahamaizana Lalina (ambarantonga fahatelo)

Izany dia fahamaizana izay manimba ny hoditra ary mampiharihary nofo, na tsy miseho raha tsy ora vitsy aorian'ny nandalovan'na akora simika tamin'ny hoditra. Mampidi-doza foana izany, mitovy amin'ny fahamaizana rehetra izay miparitaka amin'ny faritra lehibe eo amin'ny vatana. Ento eo no ho eo eny amin'ny tobim-pahasalamana ilay olona. Mandritra izany fotoana izany dia fonosy lamba madio be ilay faritra may na servieta nolemana rano madio.

Raha toa ka tsy afaka mahazo dokotera ianao dia tsaboy amin'ny fomba natoro etsy ambony ilay may. Raha tsy manana Vaseline ianao dia avelao ho azon'ny rivotra ilay faritra may ary sarony amin'ny lamba vita avy amin'ny landihazo atao goragora na lamba kely tsotra mba hoarovana azy amin'ny vovoka sy ny lalitra. Ataovy madio hatrany ilay lamba kely ary soloj isaky ny voaloton'ny rano na rà avy amin'ilay faritra may. Omeo antibiotika.

### **Aza asiana menaka, zavatra misy menaka, na hodi-biby, na kafe, na bozaka, na doky mihitsy eo amin'ilay faritra may.**

## Fepetra Manokana ho an'ny Fahamaizana Tena Mahery Vaika

Ny olona rehetra izay may be dia mora azon'ny dona (jereo p. 77) nohon'ny fitambaran'ny fanaintainana, tahotra, ary ny fahaverezan'ny ranoka ao amin'ny vatana avy amin'ny fahamaizana mitsiranoka.

Ampaherezo ary omeo toky ilay olona may. Omeo aspirinina na acetaminophen izy amin'ny fanaintainana ary codeine raha afaka mahazo izany ianao. Ny manasa ny fery misokatra amin'ny rano masira kely ihany koa dia manampy manamaivana ny fanaintainana. Asio sira 1 sotrokely isaky ny rano avy nampangotrahina ary nampangatsiahina 1 litatra.

Omeo rano betsaka ilay olona may. Raha lehibe ilay faritra may (mihoatra ny in-droan'ny haben'ny tanany) dia manamboara ity zava-pisotro manaraka ity:




Ilay olona may dia tokony misotro io faran'izay matetika, mandra-pivalandrano azy matetika. Tokony misotro 4 litatra amin'io izy ao anatin'ny iray andro raha toa ka may be, ary hatramin'ny 12 litatra raha toa ka faran'izay may be.

Zava-dehibe ho an'ny olona may be ny fihinanana sakafeno proteina (jereo p. 110). Tsy misy karazan-tsakafo fadiana.

### Ny May Manodidina ny Tonon-taolana

Raha toa ka may be ny eo anelanelan'ny tanan'ny olona iray, ao ambany helika, na tonon-taolana hafa, asio kaompresy misy Vaseline eo amboniny saingy tsy maintsy atao manelanelana ireo faritra may izany mba hisorohana azy ireo tsy hiara-hitombo rehefa mihàsitrana. Ny rantsantanana,

tanteraka im-betsaka isan'andro mandritra ny fansistranana. Manaintaina ny manao izany saingy manampy amin'ny fisorohana ny holatra tsy hihinjitra ka hametra ny fihetsehana. Rehefa mihàsitrana ny tètana may, ireo rantsantanana dia tokony somary henjanina.



## TAOLANA TAPAKA

Rehefa tapaka ny taolana, dia zava-dehibe indrindra ny manao izay **ihamazonana ilay taolana tsy hihetsika**. Misoroka ny fahavoazana tsy hitatratra izany ary hamela azy hikambana.


Alohan'ny hanetsehana na hilanjana ilay olona manana taolana tapaka dia hazony amin'ny fanohanana vonjy maika, hodin-kazo na baoritra notetehina ilay taolana mba tsy hihetsika. Afaka asiana pilatira eny amin'ny tobim-pahasalamana ilay rantsam-batana avy eo, na mety afaka manao 'pilatira' avy amin'ny fomba fanao eo an-toerana ihany koa ianao (jereo p. 14).

**Famerenana ny taolana tapaka:** raha toa ka tsy mifandiso ilay taolana tapaka dia tsara kokoa raha tsy hetsehina—mety vao maika hanimbà azy izany.

Raha toa ka nihetsika be tamin'ny toerany ilay taolana ka vao vetivety ilay fahatapahana dia azonao atao ny 'mamerina azy amin'ny toerany' na manitsy azy alohan'ny hametrahana ny pilatira. Arakaraky ny hamerenana azy aloha, no hahamora koa ny fitohizan'ilay tapaka. Alohan'ny hamerenana ilay taolana, dia omeo diazepam raha misy mba hampahazo aina ny hozatra ary hanamaivana ny fanantainana (jereo p. 389). Na omeo codeine (p. 383).

### AHOANA NY ATAO HAMERENANA NY TONON-TANANA TAPAKA

Sintony moramora tsy ankijanona amin'ny hery mitovy madritra ny 5 hatramin'ny 10 minitra, apiakarina ny hery mba hanasarahanà ilay taolana.



Ny olona iray mbola mitohy misintonà ilay tanana ary ny iray hafa kosa dia manitsy moramora sy mandamina ireo taolana.




**TANDREMO:** Mety hitarika fahavoazana bebe kokoa ianao amin'ny famerenana taolana amin'ny laoniny. Ny tena tsara dia aleo olona manana traikefa no manampy anao manao izany. Aza ahetsika be na atao an-kery.

### HAFIRIANA NO SITRANA NY TAOLANA TAPAKA?

Arakaraky ny fahasaratona'ny fahatapahana na ny haben'taonan'ny olona ny halavan'ny fotoana ahasitranana. Ny taolan'ny ankizy dia mikambana vetivety. Ho an'ny olona antitra indraindray dia mety tsy hitohy intsony. Ny sandry tapaka dia tokony hazonina ao anaty pilatira mandritra ny iray volana eo ary tsy tokony hampiasaina be mandritra ny iray volana manaraka. Ny ranjo tapaka dia tokony hazonina ao anaty pilatira mandritra ny 2 volana eo.

## FE NA TAOLA-MAOJA TAPAKA

Ny fe na taola-maoja tapaka dia mila fikarakarana manokana. Tsara kokoa raha tazonina vonjy maika tsy hihetsika toy izao ny vatana manontolo:



ary entina eo no ho eo eny amin'ny tobim-pahasalamana ilay olona.

## HATOKA NA LAMOSINA TAPAKA

Raha tapaka ny hatoka na ny lamosin'ny olona iray, **tandremo tsara mihitsy rehefa manetsika azy ianao**. Ezaho tsy hetsehina eo amin'ny toerana nisy azy. Raha azo atao dia ento mankeo aminy ny mpiasian'ny fahasalamana alohan'ny hanetsehana azy. Raha tsy maintsy manetsika azy ianao dia aza aforitra ny hatony na ny lamosiny. Ho an'ny torimarika mikasika ny fanetsehana ny olona maratra dia jereo ny pejy manaraka.

## TAOLAN-TEHEZANA TAPAKA


Manaintaina be tokoa izany kanefa matetika dia sitrana ho azy. Tsara kokoa raha tsy hazonina tsy hihetsika na fatorana ny tratra. Ny fitsaboana tsara indrindra dia ny mihinana aspirinina na acetaminophen (fadio ny manome aspirinina ny ankizy)—ary maka aina. Mba hitandroana ny fahasalaman'ny avokavoka dia misentoa in-4 na in-5 tsy miato isaky ny adin'ny roa. Ataovy isan'andro izany mandra-piaiananao ara-dalàna. Hanaintaina be izany amin'ny voalohany. Mety haharitra iray volana vao ho afaka tanteraka ilay fanaintainana.

Ny taolan-tehezana tapaka dia tsy manindrona ny avokavoka matetika. Fa raha mivoaka ny hoditra ilay taolana, na mandehoka rà izy na lasa manana olana eo amin'ny fisefoana (ankoatran'ny fanaintainana), omeo antibiotika izy ary mitadiava fanampian'ny dokotera.

## IREO FAHATAPAHAN'NY TAOLANA IZAY MIVOAKA EO AMIN'NY HODITRA (FAHATAPAHANA MISOKATRA)

Satria ny loza ateraky ny otrikaretina dia goavana tokoa raha sendra io tranga io dia tsara kokoa hatrany raha mitady ny fanampian'ny dokotera amin'ny fikarakarana ny maratra.

Manao gan-tanana na fonosy harona plastika ny tànana ary diovsky moramora tanteraka amin'ny rano avy nampangotrahina ary nampangatsiahina ilay ratra sy taolana nivoaka. Fonosy amin'ny lamba madio. **Aza averina miditra ao anatin'ilay ratra mihitsy ilay taolana mandrapadion'ilay ratra sy taolana tanteraka.**




Hazony tsy hihetsika ilay rantsam-batana mba hisorohana fihitaran'ny ratra.

Raha toa ka nandrovitra ny hoditra ilay taolana dia mampiasà antibiotika eo no ho eo mba hisorohana ny otrikaretina: dicloxacillin (p. 350), clindamycin (p. 358), na ciprofloxacin (p. 358).

**TANDREMO: Aza kosehina na orina mihitsy ny rantsam-batana tapaka na heverina hoe tapaka.**

## AHOANA NY FOMBA HANETSEHANA OLONA MARATRA MAFY

Mila tandremana tsara rehefa mibata ilay maratra, mba tsy hiforitra mihitsy izy. Tandremo manokana tsy hiforitra ny hatony sy ny lamosiny.



Ataovy misy olona iray mametraka ny filanjana hanandrify azy.

Miaraha mametraka moramora ilay olona maratra eo amin'ny filanjana ny rehetra.



Raha toa ka maratra na tapaka ny hatoka, asio lamba miforitra mafy tsara na kitapokely misy fasika eo amin'ny andaniny avy amin'ny loha mba hanohana azy tsy hihetsika.

Rehefa milanja azy, ezaho atao ambony hatrany ny tongony eny fa na dia miaka-piakarana aza.

## MIPITSOKA


(TAOLANA IZAY TSY MIPETRAKA AMIN'NY TOERANY EO AMIN'NY TONONY)

*Teboka telo manan-danja amin'ny fitsaboana:*

- ◆ Ezaho averina amin'ny toerany ny taolana. **Arakaraky ny maha-haingana azy no mahatsara azy!**
- ◆ Fonosy bandy mafy tsara mba hihazona azy amin'ny toerana ka tsy hihetsika indray izy (iray volana eo ho eo).
- ◆ Fadio ny mampiasa be ilay rantsam-batana mandritra ny fotoana ela mbaahasitranan'ilay tonon-taolana tanteraka (2 na 3 volana).

AHOANA NY FAMERENANA AMI'NY TOERANY NY SOROKA MIPITSOKA:

ataovy matory mihogoka eo ambony latabatra na toerana mafy ilay olona ka ny sandriny dia akirozoza amin'ny ilany. Sintony midina mankany amin'ny tany ilay sandry, ataovy mafy ary aza ovaina ny hery ampiasainao mandritra ny 15 hatramin'ny 20 minitra. Avotsory moramora avy eo. Tokony 'hipoaka' ilay soroka ary hiverina amin'ny toerany.



Na amatory zavatra milanja 5 hatramin'ny 10 kilao ilay sandry (atombohy amin'ny 5 kg., saingy aza atao mihoatra ny 10 kg.) ary avelao eo mandritra ny 15 hatramin'ny 20 minitra izany.



Rehefa tafaverina amin'ny toerany ilay soroka dia bandio mafy tsara hiraikitra amin'ny vatana ilay sandry. Bandio eo mandritra ny herinandro ka hatramin'ny iray volana. Mba hisorohana ilay soroka tsy hihenjana loatra dia vahao mandritra ny minitra vitsy, in-3 isan'andro ilay bandy, ary ataovy mikirazorazo ilay sandry, ahodino moramora. Aza mibata zavatra mavesatra amin'ilay sandry mandritra ny iray volana mba tsy hipitsohan'ilay sandry indray.

Raha tsy vitanao ny mamerina amin'ny laoniny ilay rantsam-batana ni pitsoka dia mitadiava dokotera avy hatrany. Raha miandry ela ianao dia ho sarotra kokoa ny mamerina izany amin'ny toerany.


## FOLAKA SY MIHORITRA

### (MANGANA NA MITRIATRA AMIN'NY TONON-TAOLANA FOLAKA)

Matetika dia sarotra ny mahalala raha mangana, folaka na tapaka ny tānana na ny tongotra. Manampy tokoa ny mijery izany amin'ny radio (rayon X).

Saingy matetika dia mitovitovy ny fomba hitsaboana ny tapaka sy ny folaka. Aza ahetsika ilay tonon-taolana. Fonosy amin'ny zavatra mihazona azy mafy izany. Mampiasà tehina mba tsy hampiasana be loatra ilay tongotra folaka araka izay azo atao. Ny mioritra mafy dia maharitra 3 na 4 herinandro vao sitrana. Ny taolana tapaka dia maharitra kokoa.

Mba hanamaivanana ny fanaintainana sy ny fivontosana dia ingao ambony ilay faritra folaka. Mandritra ny andro voalohany na roa voalohany dia asio ranomandry fonosina ao anaty lamba na plastika, na lamba lena mangatsiaka eo amin'ilay tonon-taolana mivonto mandritra ny 20 na 30 minitra isaky ny adin'ny iray. Izany dia manampy hampihena ny fivontosana sy ny fanaintainana. Aorian'ny 24 hatramin'ny 48 ora (rehefa tsy mihombo intsony ny fivontosana) dia alony ao anaty rano mafana im-betsaka ao anatin'ny iray andro ilay faritra folaka.




Amin'ny andro voalohany dia alony ao anaty rano mangatsiaka ilay tonon-taolana folaka.

Aorian'ny 1 na 2 andro dia mampisà rano mafana handònana azy.

azonao atao ny mihazona ilay tonon-taolana folaka amin'ny toerany tokony ho izy mba hasahitrana azy amin'ny alalan'ny fampiasana pilatira namboarina tao an-trano (jereo p. 14) na bandy azo roritina.

Ny famonosana ny tongotra sy ny kitrokely amin'ny bandy azo roritina ihany koa dia misoroka na mampihena ny fivontosana. Antombohy amin'ny rantsan-tongotra ary ampiakaro ambony ny famonosana, toy ny aseho eto. Tandremo tsara tsy ho tery loatra ny bandy ary esory vetivety izany isaky ny adin'ny roa. Mihinàna ihany koa aspirinina na acetaminophen.

Raha tsy manomboka mihena ao aorian'ny 48 ora ny fivontosana dia mitadiava dokotera.




**TANDREMO:** Aza kosehina na orina mihitsy ny folaka na ny taolana tapaka. Tsy mahasoa mihitsy izany fa mety hanimba kokoa aza.

Raha toa ka malemy be na 'mikapila kely' ilay tongotra na mananosarotra ilay olona ny manetsika ny rantsan-tongony dia manatòna dokotera. Mety mila fandidiana izany.

## FANAPOIZINANA

Maro ny ankizy maty nohon'ny fitelemana zavatra misy poizina. Mba hiarovana ny zanakareo dia raiso ireto fepetra manaraka ireto:

**alaviro tsy ho hitan'ny ankizy  
ny poizina rehetra.**



**Aza mitazona kerosene, lasantsy, na  
poizina hafa ao anaty tavoahangy fasiana  
coca na zava-pisotro tsy misy alikaola satria  
mety hanandrana hisotro izany ny ankizy**

### IREO POIZINA MAHAZATRA TOKONY HO TANDREMANA TSARA:

- famonoana voalavo
- DDT, lindane, fanadiovana ondry, na famonoana bibikely na poizina ho an'ny zavamaniry
- fanafody (ny fanafody rehetra ka betsaka ny voatelia; tandremo tsara ny **pilina fera**)
- teinture d'iode
- famotsiana lamba (eau de javel)
- sigara
- alikaola famafana na ho an'ny hazo (essence de thérèbentine)
- ravina, voa,  
voaroy na olatra misy poizina
- voana *ricin*
- afokasoka
- gasoil, diluant, lasantsy, petrole, rano ao anaty birike
- *soude caustique*
- sira—raha omena be loatra ny zazakely na ankizy madinika
- sakafio simba (jereo p. 135)

Fitsaboana:

Raha fantatrao fa fanapoizinana no mitranga dia ataovy **eo no ho eo** ireto


- ◆ raha tsy mahatsiaro tena ilay zaza dia ataovy matory mihorirana. Raha mitsahatra tsy miaina izy dia omeo rivotra amin'ny alalan'ny fitohofana ny vavany (p. 80).
- ◆ raha toa ka mahatsiaro tena sy kinga ilay zaza dia omeo rano be dia be na ronono mba hanalefahana ilay poizina (eo amin'ny rano iray vera eo isaky ny 15 minitra).
- ◆ raha manana *charbon actif* ianao dia omeo tapaky ny kaopy ihany koa izy (p. 388), na saribô nototoina iray sotro fihinanana afangaro amin'ny rano matimaty iray vera.
- ◆ raha mahatsiaro tena sy kinga ilay zaza ka fantatrao fa tsy mampidi-doza ny fandoavana dia asaivo mandoa izy. Harony ny tendany ary asaivo misotro rano be sira be izy.
- ◆ **TANDREMO:** Aza asaina mandoa ilay olona raha toa ka nitelina gazoala na petrolna lasantsy, famotsiana lamba, fanalefahana loko, famonoana bibikely sasany, asidra matanjaka na akora manimba tsikelikely (*soude caustique*), na tsy mahatsiaro tena izy.

Tafio lamba ilay olona raha mahatsiaro mangatsiaka saingy fadio ny hafanana be loatra. **Raha mahery vaika ny fanapoizinana dia mitadiava fanampian'ny dokotera.**



## KAIKITRY NY BIBILAVA

BIBILAVA MANANA  
RAMBO  
MIKORINTSANA—  
Amerika avaratra.  
Meksika, ary  
Amerika afovoany

Fanamarihana: Ezaho fantarina ny karazana bibilava  
misy eo amin'ny faritra misy anao ary ataovy ato  
anatin'ity pejy ity.



Raha toa ka voakaiktry ny bibilava ny olona iray dia ezaho fantarina raha misy poizina ilay  
bibilava na mampidi-doza na tsia. Matetika dia samihafa ny dian-kaikitra:



Matetika ny olona dia mino fa ny bibilava tsy mampidi-doza sasany dia tsy misy poizina.  
Ezaho fantarina hoe iza amin'ireo bibilava eo amin'ny faritra misy anao no tena misy poizina marina ary  
iza no tsy misy. Mifanohitra amin'ny fiheveran'ny olona, ny boa sy ny pythons dia tsy misy poizina.  
Aza vonoina ny bibilava tsy misy poizina fa tsy mampidi-doza izy ireo. Mifanohitra amin'izany  
aza no mitranga: izy ireo dia mamono totozy sy ireny bibikely mpanimba zavatra ireny. Ny sasany aza  
dia mamono bibilava misy poizina.

Fitsaboana ho an'ny kaikitry ny bibilava:


1. **Aza mihetsiketsika; aza hetsehina ilay faritra voakaikitra.** Raha hetsehinao be loatra izany dia vetivety ny fihanaky ny poizina amin'ny vatanao. Raha eo amin'ny tongotra ny kaikitra dia tsy tokony mamindra intsony ilay olona. **Maniraha olona hitady dokotera mpitsabo.**

2. Esory ny firavaka satria mety ho haingana be ny fiparitahan'ny fivontosana.


3. Fonosy amin'ny bandy azo roritina lehibe na lamba madio ilay faritra voakaikitra mba hampiadana ny fihanaky ny poizina. Hazony tsy hihetsika mihitsy ilay tongotra na sandry, fonosy mafy tsara, saingy aza atao mafy be loatra sao hijanona ny fitempo eo amin'ny hato-tànanana na eo amin'ny tampon-tongotra. Raha toa ka tsy henonao intsony ny fitempony dia amahao kely ilay bandy.



4. Ahodino eo ambonin'ilay tånanana na tongotra ilay bandy ary ampiakaro amin'ny sandry manontolo na ranjo. Ataovy azo antoka tsara fa mbola renao ny fitempo eo amin'ireo faritra ireo.



5. Av yeo dia asio fihazonana azy tsy hihetsika ilay rantsam-batana (jereo p. 14).



6. Lanjao amin'ny filanjana mankany amin'ny tobim-pahasalamana akaiky indrindra ilay olona raha azo atao. Raha azonao atao ihany koa dia ento ilay bibilava satria ny bibilava isan-karazany dia mety mila fiadiana amin'ny poizina isan-karazany (antitoxins, jereo p. 387). Raha toa ka ilaina ny fiadiana amin'ny poizina dia aza mbola esorina ilay bandy raha tsy vonona ny tsindrona ary raiso ny fepetra rehetra mikasika ny FIHETSEHAN'NY TSY FAHAZAKANA (jereo p. 70). Omeo antitoxin ho an'ny tetanosy ihany koa (p. 388). Raha hita fa tsy ilaina ny fiadiana amin'ny poizina dia esory ny bandy.

**Tokony manana fiadiana amin'ny poizina efa vonona ho an'ny bibilava eo amin'ny faritra misy anao ianao ary mahalala ny fomba fampiasa izany— alohan'ny hisian'ny olona voakaikitra!**

Ny kaikitry ny bibilava misy poizina dia mampidi-doza. Maniraha olona hitady fanampiana ara-medikaly—fa ataovy **eo no ho eo** aloha ireo zavatra nazavaina etsy ambony.

Ny ankabeazan'ny fomba nentim-paharazana ampiasaina amin'ny kaikitry ny bibilava dia tsy mandaitra na mandaitra kely fotsiny (jereo p. 3).

Ny fitsaboana sasany dia mety hiteraka otrikaretina na mety hahatonga ny vokatry ny poizina ho ratsy kokoa.


**Aza:**

- didina ilay hoditra na nofo manodidina ilay kaikitra
- amatorana zavatra mangeja manodidina ilay kaikitra na ny vatan'ilay olona
- asiana ranomandry eo ambony na manodidina ilay kaikitra
- Tairina amin'ny herin'aratra ilay olona
- trohana ny rà na poizina hiala tao anatin'ilay kaikitra

Aza misotro zava-pisotro misy alikaola mihitsy raha voakaiktry ny bibilava. Vao maika hanasaro-javatra izany!


## KAIKITRY NY BEADED LIZARD (*GILA MONSTER*)

Ny kaikitry ny beaded lizard dia tsaboina toy ny kaikitry ny bibilava misy poizina saingy tsy misy fiadiana amin'ny poizina mety amin'izany. Ny kaikitra dia mety tena mampidi-doza tokoa. Saso tsara ny faritra voakaikitra. Fadio ny mihetsika ary ataovy ambanin'ny haavon'ny fo ilay faritra voakaikitra.



Amerika  
atsimo sy  
Meksika  
avaratra

## TSINDRON'NY MAINGOKA




Misy maingoka be poizina kokoa noho ny sasany. Ho an'ny olon-dehibe, ny tsindron'ny maingoka dia mahalana no mampidi-doza. Mihinana aspirin na acetaminophen ary raha azo atao dia asio ranomandry eo amin'ilay voatsindrona mba hanamaivana ny manaintaina. Ho an'ny voly sy fanaintainana izay maharitra herinandro na volana maro indraindray dia mety hanampy ny kamopresy mahamay (jereo p. 193).

Ho an'ireo zaza latsaky ny 5 taona, ny tsindron'ny maingoka dia mampidi-doza indrindra raha eo amin'ny loha na amin'ny vatana. Ny firenena sasany dia manana antitoxin ho an'ny maingoka (p. 387). Mba handairany dia mila atao ao anatin'ny 2 ora aorian'ny nanindronan'ny maingoka ilay zaza ny tsindrona. Omeo acetaminophen ho an'ny fanaintainana. Raha mitsahatra tsy miaina ilay zaza dia andefasana fofon'aina amin'ny vavany (jereo p. 80). Omeo antitoxin ho an'ny tetanosy ihany koa (jereo p. 388). Raha tena mbola kely ilay zaza voatsindon'ny maingoka na voatsindrona eo amin'ny faritra saro-pady eo amin'ny vatana, na fantatrao fa anisan'ireo karazana maingoka mahafaty ilay izy dia manatôna dokotera avy hatrany.

## KAIKITRA BLACK WIDOW NA HALA HAFA

Ny ankabeazan'ny kaikitry ny hala, ao anatin'izany ny *tarantule*, dia manaintaina fa tsy mampidi-doza. Ny kaikitry ny karazany vitsy amin'ny hala—toy ny 'black widow' sy karazany mitovy amin'izany—dia mety mankarary ny olon-dehibe. Mety hampidi-doza izany ho an'ny zaza madinika. Ny kaikitry ny black widow matetika dia miteraka fikainkona sy fanaintinan'ny hozatra manerana ny vatana, ary fanaintainana mahery vaika eo amin'ny hozatry ny kibo izay lasa henjana be. (Matetika izany dia afangaro amin'ny apandisita!)



Omeo acetaminophen na aspirin ary manatôna dokotera. Ny ankabeazan'ny fanafody amidy eny amin'ny mpivarotra dia fandaniam-bola ary tsy mandaitra. Diazepam, p. 390, dia mety mampihena ny fifanintotsintonana. Raha misy tranga manambara dona dia tsaboy amin'ny fomba fitsaboana ny fihetsehan'ny tsy-fahazakâna p. 70. Ny fanindronana cortisone dia mety ilaina eo amin'ny zaza. Omeo antitoxin ho ar'ny tetanosy ihany koa izy (jereo p. 388). Ny fiadiana amin'ny poizina dia misy fa sarotra azo.